Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

"Tsy manan-tahotra ny fitiavana ; fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra ; fa mampahory ny tahotra. Fa izay matahotra tsy mbola tanteraka amin'ny fitiavana" (1 Jaona 4:18)

fpma Amiens

MPANDEFA : Komity FPMA Amiens
Antony : Fandraisana Zaikabe FPMA FAVA 26-27 Aprily 2014
Réf. : Zaikabe/FAVA/26-27 Aprily 2014/N°1

Ho an'ny Mpitandrina sy ny Mpiandraikitra rehetra FPMA FAVA

Amiens, 19 janoary 2014

Ry havana malala ao amin'ny Tompo,

Faly miarahaba antsika rehetra eto amin'ny Faritany FAVA amin'ny anaran'ny Tompo.

Indro alefa amintsika ny teny faneva sy ny lohahevitra nalefan' Andriamatoa RAOBINARISON Solohery Mpitandrin'ny faritany amin'ny anaran'ny Mpitandrina eto amin'ny faritany FAVA :

Teny faneva FPMA FAVA 2014

« fanasina sy fahazavana ho an'ny manodidina »

"Hianareo no fanasin' ny tany ; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin' ny olona. Hianareo no fahazavan' izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra." [Matio 5.13-14]

Indro alefa amintsika mipaingotra ny toerana hanaovana ny Zaikabem-paritany FAVA ny 26 sy 27 aprily 2014, ny sarandasy, ary ny momba ny fatoriana.

Toy ny mahazatra dia angatahina isika hamandrika ny fatoriana sy ny sakafo **mialoha** fa tsy miandry ny fotoana farany satria **voafetra ny isan'ny mpizaika zakan'ny toerana fatoriana sy ny toerana hisakafoanana.**

Raha feno ny toerana fahatoriana karakarain'ny Tafo FPMA Amiens, tsy olana akory fa ireto efa nokarakaraina manaraka ireto ny adiresin'ny "Hôtel" tsy lavitra azon'ny mpizaika hatoriana.

Angatahina ny lisitra izay efa vonona amin'ny "fiche d'inscription" mba alefa haingana @ fpma.amiens@yahoo.fr hanomezana ny nomeraon'ny efitrano "Chambre". Misy efitrano mahazaka olona 1 na 2 na 3 na 4, nefa samy voafetra ny isan'izy ireo.

Raha mipetraka amin'ny toeran-kafa toy ny "Hôtel", na tsy matory ka **hisakafo fotsiny aza** dia tsy maintsy manao famandrihana na "réservation" mialoha amin'ny "fiche d'inscription" sy mandoa ny anjarany feno.

Ny toerana fahatoriana karakarain'ny Tafo FPMA Amiens dia hatramin'ny Alahady 02 Febroary 2014 farafahatarany, raha mbola misy toerana :

23,00 € isan'olona (par personne) : Petit déjeuner inclus, taxe de séjour, draps et couvertures inclus.

	Fatoriana	Sakafo Asabotsy hariva	Sakafo Alahady atoandro	**Total**
Ankizy - 6 taona	0,00 €	10,00 €	10,00 €	**20,00 €**
Ankizy -10 taona	23,00 €	10,00 €	10,00 €	**43,00 €**
Lehibe sy +10 taona	23,00 €	12,00 €	15,00 €	**50,00 €**

Hatramin'ny Alahady 02 Febroary 2014 no fara-fisoratana anarana sy ny fandefasana ny seky "Chèque de reservation".
Ny saran-dasy dia tsy maintsy aloa manontolo amin'io fotoana na maka "formule pension complete" izany na misakafo fotsiny.

Ny sakafo dia "Sakafo Malagasy" no haroso. Hisy tsakitsaky Malagasy koa hamidy eny an-toerana. Jereo ny andinidininy amin'ny taratasy mipaingotra.

Ny Alahady maraina dia misy **"Petit-déjeuner" maimaim-poana** hatolotra ny mpizaika izay tsy afaka matory.

Ny fandraisana anjara fatoriana sy sakafo dia iangaviana toy ny fanao hatambatra miaraka isan-tafo ary halefa amin'ny mpitambolan'ny Tafo :

« FPMA Amiens c/o Mme RANDRIANASOLO Alexia
Square Darlington - Bât. L - 80000 Amiens »

Ny Seky "Chèque" dia iray ihany isan-tafo no handoavana azy ary hatao :
à l'ordre de **"FPMA Amiens"**
miaraka amin'ny lisitry ny Mpizaika.

Miangavy antsika handefa ny vaovao sy ny fandaharana amin'ny raharaham-piangonana sy amin'ny Vahoakan' Andriamanitra rehetra araka ny Fivoriam-paritany FAVA tamin'ny Alakamisy 16 Janoary 2014.

Miangavy antsika koa hameno tsara ny "Fiche d'inscription" fisoratana anarana izay ilaina tonga alohan'ny **Alahady 02 Febroary 2014** farafahatarany.
Raha tara an'izay mantsy dia voatery mitady ny trano fatoriana ho azy ny mpizaika tsirairay.

Toy ny fanao dia ampahatsiahivina isika Tafo tsirairay hitondra “Goûter” (Mofo mamy, zava-pisotro…) ho rohim-pihavanana, sy hilaza ny Mpiangona hitondra **“VOKATRA”.**

Ny “Goûter” entin’ny Tafo rahavavy toy ny fanao eto amin’ny FAVA ho rohim-pihavavana dia hatolotra amin’ny “Goûter” na ny “Petit-déjeuner” fa tsy hamidy akory.

Mila mandefa anarana Diakona 2 sy olona 4 isan-tafo ny Tafo tsirairay hitandrina ny filaminana sy ny fanadiovana ary ny fandaminana ny trano araka ny fivoriantsika Faritany ; azonareo atao rotation izany eny an-toerana (Mifandamina ny Diakona isan-tafo eo amin’ny fiandraketana ny Sabotsy na Alahady).

Araka ny fanapaha-kevitra tamin’ny fivoriantsika FAVA dia miangavy anareo handefa mialoha be ny hetsika hataon’ny Tafo sy ny Sampana tsirairay avy mba ahafahana manomana sy mandamina ny hetsika rehetra hatao amin’ny fizotran’ny **“Takariva amorom-patana”.**

Mirary soa indrindra antsika mianakavy amin’ny anaran’I Jesoa Krsity Tompontsika.

Ho an’Andriamanitra irery ihany anie ny Voninahitra.

Amin’ny anaran’ny FPMA Amiens,
Ny Filoha, Atoa RATIANAHARINARIVO Mamy Robinson